

FANOKAFANA TOLOTRA FIFANINANA

Lohahevitra: Famatsiana sy fanaterana trondro maina sy trondro manta ho an'ny ONG Bel Avenir.

1. Fampahafantarana ny ONG Bel Avenir

Ny ONG Bel Avenir dia fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana miasa eto Madagasikara amin'ny fampandrosoana ara-tsosialy sy ara-toekarena ny vondrom-piarahamonina. Manatanteraka tetikasa amin'ny sehatra maro izy ary mitady mpamatsy mahafeno fepetra amin'ny famatsiana trondro maina sy trondro manta hanomezana filàna amin'ireo toerana misy ny tetikasany.

2. Tanjona amin'ny Tolagna

Mitady mpamatsy trondro maina sy trondro manta hozaraina amin'ireo toerana rehetra misy ny ONG Bel Avenir manerana an'i Madagasikara ny fikambanana.

3. Karazana trondro angatahana

Trondro maina: Morue

Trondro manta: Capitaine, Cabot, Merlan, Filet de poisson (karazana trondro rehetra),

Trondro feno (habe antonony)

Ny mpamatsy dia tsy maintsy mahavita manome sy manatitra trondro ara-potoana sy ara-kalitao amin'ny salan'isa 72,5 kilao, mifanaraka amin'ny fenitra ara-pahasalamana eto Madagasikara.

4. Fepetra amin'ny Tolagna

- Fomba fiasa: tolotra ampahibemaso misokatra ho an'ny orinasa sy fikambanana rehetra liana, amin'ny fanajana ny lalàna eto Madagasikara.
- Faharetan'ny fifanarahana: Herintaona amin'ny voalohany, azo havaozina arakaraka ny kalitaon'ny tolotra.

Fepetra fanombanana:

- Fahafenoan'ny vokatra amin'ny fepetra ara-teknika sy ara-pahasalamana
- Vidiny atolotra
- Fahafaha-manatitra ara-potoana
- Fanandratana sy traikefa amin'ny famatsiana vokatra mitovy amin'izao

- Fahaizana manaterana any amin'ny toerana rehetra misy ny ONG

5. Antontan-taratasy ilaina amin'ny firosahana

Ireo mpifaninana dia tsy maintsy manolotra ireto taratasy manaraka ireto:

- Taratasy fangatahana misy sonian'ny solontenan'ny orinasa
- Kopian'ny rejisitry ny varotra sy antontan-taratasy ara-dalàna (NIF, Karatra Statistika, sns.)
- Fepetra ankapobeny amin'ny fivarotana sy fanaterana
- Teti-bidin'ny trondro tsirairay ahitana ny saram-pitaterana
- Lisitra sy porofo amin'ny traikefa amin'ny famatsiana vokatra mitovy amin'izao (raha misy)

6. Fanaterana ny Tolotra

Ny antontan-taratasy dia tsy maintsy aterina amin'ity adiresy manaraka ity:

ONG Bel Avenir

Avenue de France Tsimenatse BP 87 Tulear 601

+261 347 086 131

Daty farany fametrahana: Zoma 21 Febroary 2025

Ny antontan-taratasy tonga aorian'ity daty ity dia tsy ho ekena.

7. Fepetra Ankapobeny

Ny ONG Bel Avenir dia manana zo handà izay tolotra tsy mahafeno ny fepetra ara-teknika sy ara-dalàna.

Ny fifanarahana dia hatao aorian'ny fanamarinana sy fankatoavana ny antontan-taratasy rehetra.

Ny fifandraisana amin'ireo mpifaninana dia hatao amin'ny alàlan'ny soratra ihany, ary raha misy fanampim-baovao na fanovana amin'ny tolagna dia ho raisina ara-dalàna amin'ny alalan'ny soratra.

8. Fifandraisana amin'ny ONG

Ho an'ny fanazavana fanampiny, azafady mifandraisa amin'ny sampandraharahan'ny

fitantanam-bola ao amin'ny ONG Bel Avenir amin'ny: [✉ resp.financier@ongbelavenir.org](mailto:resp.financier@ongbelavenir.org)

☎ +261 340 907 955

